# “Nihaona tamin’i Ibrahim aho tamin’ny alina nitondrana ahy tany an-danitra, dia hoy izy hoe : “Ry Mohammad, ampitao amin'ny vahoakanao ny fiarahabako azy ireo, ary lazao amin’izy ireo fa ny Paradisa dia tany lonaka sy rano mamy

Tatitra azo avy tamin'Ibn Massod (R.A) niteny : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Nihaona tamin’i Ibrahim aho tamin’ny alina nitondrana ahy tany an-danitra, dia hoy izy hoe : “Ry Mohammad, ampitao amin'ny vahoakanao ny fiarahabako azy ireo, ary lazao amin’izy ireo fa ny Paradisa dia tany lonaka sy rano mamy : “Ny fambolen-kazo ao aminy dia ny fitenenana Sobhanallah Walhamdoulillahi Walailaaha illallaho Wallaho Akbar".

[Tsara miaraka amin'ny porofo hafa] [Notantarain'i Al-Tirmizì]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) fa nihaona tamin'i Ibrahim (A.S) tamin'ny Israa Wal Mi'raj, ary hoy izy taminy : Ry Mohammad : Ampitao amin'ny vahoakanao ny fiarahabana avy amiko, ary ampahafantaro azy ireo fa ny Paradisa dia tany lonaka, rano mamy ary tsy misy masira ny ao aminy, ary malalaka sy lemaka ny Paradisa, tsy misy hazo, ary ny fambolena ao aminy dia amin’ny alàlan'ny teny tsara, ary ireny no asa tsara sisa tavela, dia ny : Sobhanallah Walhamdolillahi Walailaaha illallaho Wallaho Akbar, ary isaky ny miteny sy mamerina izany ny mpino silamo iray dia misy hazo nambolena ho azy ao amin’ny Paradisa.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3791